# FANDRAISAN'ANJARA AMIN'NY FIKAONANDOHAM-PIRENENA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FANANANTANY JONA 2026

Ho fandraisan'anjara amin'ny Fikaonandoham-pirenena momba ny Fanajariana ny tany, ny Fananan-tany, ny Trano fonenana sy ny Toeram-ponenana izay hatao amin'ny 21 sy 22 Jona 2026 ao Ivato – Antananarivo, dia manolotra ny tolo-keviny ny Collectif TANY :

**1**. Mba hanamafisana ny fototry ny fampandrosoana maharitra sy ny **fitsinjaram-pahefana tena izy izay tena ilaina** eo amin'ny fitantanana ny tany, dia manohana mafy ny soso-kevitra natolotry ny fiarahamonim-pirenena izahay mikasika ny

- fampandrosoana maika ny famolavolana sy fankatoavana ary fampiharana ny lalàna **manamora ny fahazoana ara-drariny tany ampy velarana sy tsara kalitao** mba hiantohana fivelomana mendrika sy maharitra ho an'ny tantsaha Malagasy mpamokatra ara-pianakaviana, indrindra fa ny tanora,

- ary ny **fanatanterahana malaky ny dingana mikasika ny fanoratana, sy fankatoavana ary fampiharana ny lalàna momba ny tanim-pokonolona**, ao anatin'izany ny fepetra fiarovana ny kijàna sy ny tanin'omby.

**2**. Mikasika ny Fananan-tany sy ny fampiasam-bola, mba hahazoana antoka fa ny tany dia mitoetra ho loharanon'ny harena sy ny fampandrosoana eto Madagasikara – fa tsy ny mifanohitra amin'izany – d**ia tsy maintsy havaozina tanteraka ny Lalàna laharana faha-96-016 momba ny fanofàna tany mandritry ny fe-potoana maharitra** (bail emphytéotique). Satria tokoa mantsy, araka ny lalàna manan-kery ankehitriny, dia azo havaozina ny fanofàna tany 18 ka hatramin'ny 99 taona ataon'ny Fanjakana, ary tsy misy fetra ny isan'ny fanavaozana. Ny vokatr'izany dia manome zo midadasika hila hitovy amin'ny fivarotana ireo fampanofàna ireo. Tokony hodinihina ihany koa ny fampijanonana tanteraka ny fanaovan-tsonia fampanofàna tany mandritry ny fe-potoana maharitra.

**3.** Mba hahafahan'ny Fihaonambe sy Fikaonandoham-pirenana momba ny Fanajariana sy Fananan-tany hiteraka Fanavaozana marina sy hanamafy orina ny fiandrianam-pirenena amin'ny Tany Malagasy, dia **tsy maintsy esorina** ao amin'ny Lalàm-panorenana manaraka ny voalazan'ny Andininy Voalohany ao amin'ny Lalàm-panorenana 2010 izay milaza fa "ny ***fomba sy ny fepetra mifandraika amin'ny fivarotana tany sy ny fampanofàna maharitra amin'ny vahiny dia hofaritana amin'ny alalan'ny lalàna***". Tsy azo ihodivirana amin'ny alalan'ny lalàna ny tsy fahafahana mamindra ny tanin'ny Malagasy ho an'ny vahiny.

18 Jona 2026

**Ny Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgaches – TANY**

patrimoine.malagasy@gmail.com; https://terresmalgaches.info; Facebook: TANYterresmalgaches ;
X ex-Twitter@CollectifTany ; Instagram : collectif tany